



"10 androm-bavaka 2017" : 04 - 14 janoary. Teny Andavamamba no notanterahina io fotoana lehibe io, niarahana tamin'ny Fiangonana Andavamamba. Na ny tao anatin'ny fiangonana, na ny tety ivelany dia samy nahitana mpanatrika avokoa. Tena nisongadina ny fandraisan'ny ankizy anjara tamin'ny fotoana nandritra ny 10 andro.



Sabata 14 janoary: fanehoana ireo mpitonda raharaha taona 2017 eo anivon'ny Fiangonana, sy fitondrana am-bavaka azy ireo sy ny sampana tsirairay avy.



Sabata 28 janoary: fisoratana anarana ho an'ny Tanora JA ho amin'ny taom-piasana taona 2017. Ireo indray no mpitarika ny sampana Tanora amin'ity taona ity.



Ny Sabata 18 febroary 2017 no notontosaina teny amin'ny Gradin III ny fanompoam-pivavahana fankalazana ny faha-25 taonan'ny ADRA Madagascar. Fa nisy koa ny fihaonan'ireo delegasiona ADRA ireo tamin'ny andrim-panjakana Malagasy:
 Ny Filoham-pirenena RAJAONARIMAMPINANINA, ny Praiministra SOLONANDRASANA MAHAFALY ary ny Ministry ny Raharaham-bahiny ATALLAH Béatrice.
 Ny delegasiona ADRA kosa dia andriamatoa isany: Michael KRUGER, Akintayo ODEYEMI, Peter DELHOVE, niaraka tamin'ny Pasitora HERINIAINA Jasmin - Filohan'ny Ranomasimbe Indiana.
 Ny famaranana ny fankalazana kosa dia notanterahina tao amin'ny American Center ny 20 febroary 2017, izay niarahana tamin'ny Praiministra Malagasy, ny Ambasadôra Amerikana Robert YAMATE, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ary ny solontenan'ny ONU eto Madagascar.



NY FITOERANA MASINA: MODELIM-BAVAKA

<p>7 - Fiaran'ny Fanekena</p>	<p>6 - Alitara Fandroana Ditin-kazo manitra</p>	<p>5 - Latabatry ny Mofa Aseho</p>	<p>2 - Fiaiken-keloka: 1Jao 1: 8-9; Rom 10:9; 2Tim 2:19</p>
<p>7 - Miditra ao amin'ny FMI any an-danitra</p>	<p>6 - Fanelanelanana: Fil. 1:3-4; Rom 1:9-10</p>	<p>4 - Batisan'ny Fanahy Masina: Lio 11:13; Gal 5:22-25</p>	<p>3 - Diovin'ny Teny/Mihaino an'Andriamanitra: Efes 5:25-26; Jao 17:17</p>
			<p>1 - Fiderana: Sal. 100; Lio 10:21</p>



Fiofanana ho an'ny JA nentin'ny chef Merinos Merveilleux ny Sabata 18 febroary teny Andavamamba. Nisy investiture ho an'ny Mpisantatra sy fanomezana grady Filoha Mpitrika ihany koa tamin'io fotoana io.



Sabata 04 martsa: andron'ny vehivavy. "Vavaka mafana sy finoana tsy misy tahotra", izany no lohahevitra tamin'io ary nalaina avy tao amin'ny Jeremia 29:11 (*Fa izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah...*)



GLOBAL YOUTH DAY Sabata 18 martsa
 Torinteny velona: Chef Espadon Fulgurant—Filohan'ny Tanora eto amin'ny Ranomasimbe Indiana, no nanomboka ny fotoana teny Ampantsakana. Nizara ho tarika 13 ny Tanora avy eo ary nizara ilay boky "Tantara mitory Fanantenana" miisa 30. Nandritra izany fotoana izany dia nisy ny fizaham-pahasalamana maimaimpoana niaraka tamin'ny fizarana ody kankana. Notohizana tamin'ny Antso Avo an-kira mitory ny fiverenan'i Kristy ny fotoana ary nifarana tamin'ny fizarana fanampiana ho an'ny fianankaviana 44. Nanatrika izany fotoana izany ny Sefo fokontany Fanjanilolona Bakoly.





Ny Tantara Izay Mitovy Fanantenana: manome topi-maso ho amin'ny fotoana izay tsy hisian'ny fahoriana intsony. Nanome ny tsara lavitra ho antsika Andriamanitra teo amin'ny famoronana. Nefa noho ny fikomiana tany an-danitra dia nazera teto amin'ity tany ity i Losifera sy ny anjelin'ny; dia teo amin'ny hankaton'ny famoronana izay mpivady no nanjaka teo aminy. Nahatanteraka ny fikasany teo amin'ny olona sy izay rehetra noforonin'Andriamanitra Losifera. Koa indro Ilay Mpamorona niantso tamin'ny feo feno fitiavana an'i Adama hoe "Aiza moa ianao?". Endrey ny fitiavan'ny Mpamorona izay namelatra ny drafim-pamonjena teo anatrehan'ny lanitra manontolo ka handaozana ny voninahiny ho tonga olombelona, ary hatolotra ho fanatitra lehibe dia fanati-pisoronana. Noho io fanavotana nataon'ny Zanak'Andriamanitra io dia tanteraka teo amin'ny taranak'i Adama ny famonjena avy amin'Andriamanitra. "Indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao".

Ankehitriny, dia ao amin'ny Masina Indrindra ilay Mpisoronabe Lehibe mandinika ny boky hamaritana izay handray ny tombotsoa ny fanavotana nataony, dia izay "Mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy". Androm-pahasoavana izany. Andro Fanavotana izany. Fitisarana Famotompotora. Efa mby hivoaka ao amin'izany Foibe toeran'ny Fanavotana izany Izy ary hanaisotra ny fitafiana maha-Mpisoronabe Azy ka hitafy ny maha-Mpanjaka Azy. Amin'izay dia "VITA" ny asa fanelanelanana ataony manolona ilay Andriamanitra tezitra mafy teo amin'ny olo-meloka. Koa rehefa miseho eo amin'ny rahona i Kristy arahin'ireo Anjely masina misatroka satroboninahitra mamiratra izay tsy misy fomba hanambarana ny voninahitr'izany, dia hit-sangana ireo maty ao amin'ny Tompo (amin'ny fahatsaran-tarehy tsy mety maty) ka hihaona amin'ireo olona masina velona. Endrey ny fihonana be voninahitra ho an'ireo tokantrano nosarahin'ny fahafatesana ary dia tsy hisaraka intsony e! Hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka ka hitoetra arivo taona any an-danitra. Hitsara ireo ratsy fanahy nodimandry. Rehefa tapitra ny arivo taona, dia Indro ilay Tanàna Masina dia Jerosalema vaovao, midina avy any an-danitra. Ireo ratsy fanahy nodimandry dia hovelomina indray. Toy ny fasika eny an-dranomasina no isany. Hahita ny taratrin'ny voninahitrin'ny Zanak'olona izy ireo ka hiantso famonjena teo amin'ny vatolampy mba hiafenany sy hianjerany. Hiverina tao amin'ny Tanàna Masina Jesosy sy ireo Anjelin'ny. Hanangona ireo mpitari-tafika fata-daza sy mpanjaka mahery havanana amin'ny ady i Satana mba hanafika ny Tanàna Masina. Tao amin'ny Tanàna Masina, hosorana ho Mpanjaka ilay Zanak'Andriamanitra, ary nomena fiandrianana sy ny fahefana ambony indrindra: Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo. Raha iny i Satana sy ny miaramilany manatona ny Tanàna Masina hanafika iny no indro avy ny famalian'Andriamanitra dia Afo mandevona hatramin'ny fakany ny faharatsiana. "AMEN" no feo re tao an-Tanàna satria afa-po ny fitakian'ny fahamarinan'Andriamanitra ireo olona Masina sy ny Anjely.

Ry havana malala, fikasan'Andriamanitra ny hifampitantanan'ny fianakaviana rehetra ho iray lalana sy hitoetra ao amin'ilay Tanàna Masina Mandrakizay. Raiso ho anao dieny izao ny hanomboka sahady ety ny hanandran'ny fiainan'ny lanitra. Ho tahiana anie ny Fianakaviana rehetra. Loh RAKOTOBE A. Daniel mivady—Filohan'ny FIMPIA.



HERINANDRO FIARAHANA-MIVAVAKA:

Nanana tombotsoa isika nanatanteraka herinandro fiaraha-mivavaka roa sosona tamin'ny telovolana voalohany iny. Ny voalohany dia izay niarahana tamin'ny FIMPIA ary natao isan-tokantrano tamin'ny ora mitovy. Ny faharoa, dia niarahana tamin'ny TANORA ny 18—25 martsa. REVOLISIONA: fana-vaozana manova izao tontolo izao. Faritra 12 no nanaovana izany izay notarihin'ny filoha mpitarika 13. Fanandramana ara-panahy niarahana tamin'i Martin Luther: sola scripture, sola gratia, sola Christus, sola fide. "Mandamia fotoana amin'ny fivavahana, hanova anao sy ireo manodidin' anao izany." Pako Mokgwane—Depatemanta Tanora CG.



Alam-baton'i Shilin :

"Mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka ianareo, dia zanak'Andriamanitra ... tahaka ny fanazavana eo amin'izao tontolo izao." (Ohabolana 13:4)

Misy ala iray tena mahavariana any Sina. Elefanta hafa kely no mpiambina azy nandritra ny taona maro nifandimby. Raha ohatra ianao ka te-hanao fitsidihana any, dia aza mitady ala feno hazo. Io elefanta io dia vita amin'ny vato, ary ala feno vato avobe no hitanao ao amin'io Alam-baton'i Shilin any Yunnan any Sina io.

Ny hevitra ny hoe "Shilin" amin'ny teny Sinoa dia alam-bato. Ahitana vato an'arivony ao, ary ny avo indrindra dia mirefy 29 m eo. Noho ny riaka sy ny toetr'andro, dia manana endrika samihafa ireo vato ireo. Betsaka no toy ny vainga-kazo, ary maro ihany koa no manana endrika biby, zavamaniry, hatramin'ny endrika olombelona aza.


Ao anatin'ireo vato ireo, dia mbola misy hazo tena hazo maniry, misy rian-drano, dobo, farihy ahitana nosy kely, ary renirano ambani-n'ny tany. Fa ireo vato mijoalajoala be ireo no mampiavaka ity ala ity manerana an'izao tontolo izao.

Dia toy izany koa isika. Miaina eto amin'izao tontolo izao isika; kanefa amin'ny maha-Kristiana antsika dia tokony hiavaka isika. Mety ho nisy niteny tamin'ao fa tsy tsara ny miavaka, kanefa ny Baiboly dia milaza fa tsy hoe tsara fotsiny ny miavaka ... fa tena lehibe tokoa! Toy ireo vato izay mijoro eo anivon'ireo hazo tsotra, dia tokony hijoro eo amin'izao tontolo izao koa isika. Hoy ny Baiboly: "Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga" (1 Petera 2:9) Aza matahotra ny miavaka amin'ny olona rehetra. Miorene tsara ao amin'ny finoanao, ary aza miasa saina amin'izay fiheveran'ny olona anao. Tadi-dio fa, izay iheveran'Andriamanitra anao no manan-danja. Ary izy dia maniry ny hiaraka aminao any amin'ny mandrakizay!



"Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra."

**ZARIDAINAM-BAVAKA
Telovolana 1**



"Amidy : Maas-tricht, fiangonana bazilika, misy zaridaina, lakolony, sary voasikotra amin'ny vato, rindrina biriky, gorodona vato". Nandritra ny taona maro izay dia marobe ny filazana toy izany any Pays-Bas. Fiangonana an'arivony mahery no efa namidy ka nanjary birao, toeram-ponenana, hotely, fivarotam-boky, toeram-pilalaovana, « boîte de nuit », toeram-pisakafoanana na bara. Mbola mitohy hatrany izany ankehitriny. Ny antony : tsy mino an'Andriamanitra intsony ny vahoaka Hollandais. Noho izany dia mihena ny mpiangona ary tsy misy vola hikarakarana ireny trano fiangonana lehibe ireny. "Koa raha tsy ampiasaina na tsy voakarakara intsony ny fiangonana dia tokony hiovaina zavatra hafa", amin'ny kolotsain-dry zareo.


Ireo olona roa tompon'izao hevitra izao dia nahazo ny loka voalohany tamin'ny Architect Interior Prize 2008 raha nanova ny fiangonana dominikana iray izay niorina tamin'ny 1294 ho lasa "librairie-café". Ary voalazan'ny gazety anglisy iray ho fanamboarana "tsara indrindra maneran-tany" izy io. Ny toerana famakiam-boky ao dia latabatra manana endrika lakroa.

Ny an'olona izany amidy, isika anefa hanorina! Ho vato velona ho amin'ny fanorena-ana-panahy ary ve izaho sy ianao, ka tsy ho trano fotsiny no voaorina? 




Anisan'ny zava-baovao tamin'ity taona ity ny fisian'ny kilasy ny tanora iray atao hoe "Tanora Mantoanto". Io mpamari-toetra io dia entina hilazana ny zavatra mbola eo am-panaovana, eo am-piovana fa tsy masaka, tsy matoa, mantamanta. Toy izany ny hoe "antoandro": andro mbola tsy tonga eo amin'ny hariva, ny "voankazo mantoanto": vao soamaravo. Ka eo amin'ny sehatry ny Fiangonana Advantista eto Madagasikara, dia iantsoana ny kilasin'ny SS sokaji-taona 13 -14 ny Tanora Mantoanto.

**FAHATONGAVANA 14/01 - 18/03
2017**



FIANARANA LESONA



**Gazety boky mpiseho isan-telo volana
Ito amin'ny AMAF Isotry Tsaralalana**

Miarahaba antsika tratra ny telovolana faharoa indray i Caretta Coriace. Tsy niantona tokoa mantsy ny andro na ny fotoana fa ny diantsika dia mandroso tsy miato manatona an'ilay Ranomasina fitaratra.

Mitodika ato amin'ny tanora ny tenanay. Aza manjehy ny andro ho lava e! kely sisa dia ho tonga Ilay Zoky be andra-santsika. Misy asa fanorenana miandry antsika. 'Ndao hio-mana dieny izao amin'ny ondry ho entina mankao.

Ry Fiangonana malala! Miandry antsika koa ny seminera sy ny konferansa amin'ny volana may. 'Ndao hisiki-ponitra sy hiara-misalahy amin'ny herintsika rehetra hanatanteraka ny baikon'ny Tompo.

"Aza matahotra hianao fa Izaho no Andriamanitrao. Aza mierikerika foana fa momba anao Aho!" Jos. 41:10
Iza no hahasarakà antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Mahatoky ireo teny ireo.

Ny Loholona Tantely
RAVELOMANANTSOA.



"Ny fo ravoravo mahasalama tsara; fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana." Ohabolana 17:22

Toho-tantely ny teny mahafinaritra ka sady mamin'ny fanahy no fanasitranana ho an'ny taolana." Ohabolana 16:24

